# Ilay Voa Tsara Nafafy 07 Aogositra 2018

# 7 Talata aogositra

***(Hoy Jesosy :)*** **Izay rehetra omen'ny Raiko Ahy no hanatona Ahy ; ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy... Fa izao no sitrapon'ny Raiko, dia ny hahazoan'izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino Azy fiainana mandrakizay ; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany.** Jaona 6. 37, 40

## Takatro fa tia ahy Jesosy (2)

„Nanohy namaky ny Testamenta Vaovao isanandro aho. Indray maraina, nipetraka tao anaty fiarambahoaka aho, no sambany namaky ny tantaran'ny nanomboana an'i Jesosy teo amin'ny hazofijaliana. Nigogogogo nitomany aho. Nitomany aho satria maty Jesosy ; mbola tsy fantatro mantsy, tamin'izay, hoe hitsangana amin'ny maty Izy. Rehefa nanohy ny vakiteniko aho, dia tonga teo amin'ny tantaran'ny nitsanganan'i Jesosy tamin'ny maty, ka dibo-kafaliana. Tena zavamisy marina teo imasoko izany rehetra izany, toy ny hoe nanatrika mihitsy ny Paska farany tao Jerosalema aho, nanatrika ny nahafatesan'i Jesosy sy ny nitsanganany tamin'ny maty.

Volana vitsivitsy taty aoriana, dia nasaina aho hanatrika famelabelaran-kevitra ara-Baiboly tany Haïfa (any Israely). Nohazavain'ilay mpandahateny taminay, hoe ireo sorona ao amin'ny bokin'ny Levitikosy dia tandindon'ny fahafatesan'ny Mesia, ho fanonerany ny fahotana. Nitondra biby madio sady tsy misy kilema ny mpanota iray ; apetrany eo ambonin'ny lohan'ilay biby ny tanany, ary miaiky ireo fahotany izy. Nifindra tao amin'ilay biby tsy manan-tsiny atao sorona ireo fahotany ireo, fa nifindra tao aminy mpanota kosa ny aina madion'ilay biby atao sorona. Ny fanamelohana ho faty sahaza ilay mpanota dia nentin'ilay biby atao fanatitra, izay vonoina, ary dia maty. Indray mipy maso teo, ary sambany teo amin'ny fiainako, dia takatro ny tena hevitry ny nahafatesan'i Jesosy. Izaho no ilay mpanota, ary ny Mesia no niharan'ny fahafatesana sahaza ahy. Izy, Ilay Mesia, no sorona ho ahy, Izy no nisolo ahy ! Na dia tsy nanao „fahotana goavana" iray akory aza aho, dia fantatro fa feno „fahotana madinika" ny fiainako, ary fantatro fa tena mila famelan-keloka sy fanadiovana tokoa aho. Tsapako koa fa nanolotra ny ainy Jesosy hamonjy ahy, satria tia ahy."

*Shira*